

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LOI n° 2001-021

**autorisant la ratification de l'Accord de Prêt conclu le 12 juillet 2001
entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement
Economique en Afrique relatif au financement du Projet de reconstruction des
écoles affectées par les dégâts cycloniques.**

EXPOSE DES MOTIFS

Suivant l'Accord de Prêt conclu le 12 juillet 2001, la République de Madagascar a contracté, auprès de la Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique, un prêt de UN MILLION DE DOLLARS (1.000.000 \$), soit environ 6,736 milliards de Fmg.

Ce Prêt est destiné à financer le “ **PROJET DE RECONSTRUCTION DES ECOLES AFFECTEES PAR LES DEGATS CYCLONIQUES** ”.

1- OBJECTIFS DU PROJET

Le présent Projet se propose d'atteindre les objectifs opérationnels suivants :

- a) augmenter les possibilités de l'enseignement primaire dans quatre provinces dans lesquelles des écoles ont été endommagées par les différents cyclones, ayant affecté Madagascar l'année 2000, à travers la réhabilitation et la reconstruction de 46 écoles répondant aux normes de conception technique résistant aux cyclones ;
- b) offrir la possibilité pour environ 8800 écoliers de poursuivre leur scolarité après avoir abandonné l'enseignement suite à la destruction partielle ou totale de leurs écoles par les cyclones qui ont affecté Madagascar ;
- c) développer l'intérêt pour l'éducation et la lutte contre la pauvreté au sein des populations des zones cibles.

2- DESCRIPTION DU PROJET

LOCALISATION DU PROJET

Les activités du Projet seront réalisées dans les Faritany de FIANARANTSOA, TOAMASINA, ANTANANARIVO et ANTSIRANANA.

ORGANE D'EXECUTION DU PROJET

Le Projet sera exécuté par le Bureau d'Exécution du Projet (BEP) créé au sein du Ministère de l'Enseignement Secondaire et de l'Education de Base (MINESEB).

COMPOSANTES DU PROJET

Le Projet comprend les composantes suivantes :

- Travaux de génie civil et accessoires :

Ils comprennent l'ensemble des travaux de réhabilitation et de reconstruction des infrastructures scolaires. Les matériaux à utiliser sont des briques ou des agglos en ciment ou des structures en béton armé ou des structures métalliques. Les toits seront en plaques de zinc épaisses ou en tôles ondulées. La réalisation se fera conformément aux normes techniques anti-cycloniques.

- Acquisition du mobilier scolaire :

Elle consiste en l'acquisition de mobilier nécessaire à l'équipement des classes, tels que : bancs, tables, chaises, armoires et étagères murales.

- Services de consultation :

Les services de consultation comprennent :

- la réalisation des études techniques détaillées ;
- l'élaboration des dossiers d'appel d'offres ;
- l'assistance à l'unité chargée de l'exécution dans le lancement des appels d'offres ;
- l'analyse des offres ;
- le contrôle et la supervision des travaux.

3 - FINANCEMENT DU PROJET

Le financement se fera comme suit :

- BADEA : 1 million USD ;
- Gouvernement Malagasy : 250.000 USD.

4 - CONDITIONS FINANCIERES DU PRET

1. Montant : 1.000.000 USD soit environ 6,736 milliards de Fmg ;
2. Durée totale : 30 (trente) ans dont 6 (six) ans de différé commençant à courir à partir du 1er jour du mois suivant le 1er décaissement du prêt ;
3. Intérêts : 1% l'an ;
4. Remboursement du principal : en 48 versements semestriels progressifs allant de
18.000 USD à 28.000 USD.

Aux termes de l'article 82.3, paragraphe VIII de la Constitution, “La ratification ou l'approbation de traités... qui engagent les finances de l'Etat... doit être autorisée par la loi ”.

Tel est, l'objet de la présente Loi.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LOI n° 2001 - 021

**Autorisant la ratification de l'Accord de Prêt conclu le 12 juillet 2001
entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement
Economique en Afrique relatif au financement du Projet de reconstruction des
écoles affectées par les dégâts cycloniques.**

L'Assemblée nationale et le Sénat ont adoptée en leur séance respective, en date du 04 octobre 2001 et du 23 octobre 2001, la Loi dont la teneur suit :

Article unique : Est autorisée, la ratification de l'Accord de Prêt conclu le 12 juillet 2001 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique relatif au financement du Projet de reconstruction des écoles affectées par les dégâts cycloniques, d'un montant de UN MILLION DE DOLLARS (1.000.000 USD).

Antananarivo, le 23 octobre 2001.

LE PRESIDENT DU SENAT,

LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,

RAKOTOMANANA Honoré.

ANDRIANARISOA Ange C. F.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LALANA LAHARANA FAHA - 2001 - 021

Anomezan-dàlana ny fankatoavana ny Fifanarahana Fampisamboram-bola tapaka tamin'ny faha 12 jolay 2001 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Banky Arabo ho an'ny Fampanandrosoana Ara-toekarena aty Afrika mikasika ny famatsiam-bola ny Tetikasa fanamboarana sekoly ravan'ny rivodoza.

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Araka ny Fifanarahana Fampisamboram-bola tapaka tamin'ny faha 12 jolay 2001, ny Repoblikan'i Madagasikara dia nisambotra, tamin'ny Banky Arabo ho an'ny Fampanandrosoana Ara-toekarena aty Afrika, vola mitetina iray tapitrisa dolara amerikana (1.000.000 \$) sahabo ho 6,736 miliara farantsa malagasy.

Izany fampisamboram-bola izany dia hamatsiana ny “ **TETIKASA FANARENANA NY SEKOLY RAVAN'NY RIVODOZA** ”.

1 - TANJON'NY TETIKASA

Izao Tetikasa izao dia mikendry hahatratra ireto tanjona mahomby manaraka ireto :

a) mampitombo ny fahafaha-manaon'ny fampianarana ambaratonga voalohany any amin'ny faritany efatra ahitana sekoly ravan'ireo rivodoza maromaro izay namely an'i Madagasikara tamin'ny taona 2000, amin'ny alalan'ny fanarenana sy fanamboarana sekoly miisa 46, manaraka ny fenitra famoronana ara-teknika mahatohitra ny rivodoza ;

b) manome fahafahana ireo mpianatra miisa 8800 eo ho eo hanohy indray ny fianarany rehefa nampitsahatra izany noho ny faharavana tanteraka na ampahany ny sekolin'izy ireo vokatry ny rivodoza namely an'i Madagasikara ;

d) mampivoatra ny tombontsoa ho an'ny fanabeazana sy ny ady atao amin'ny fahantrana eo anivon'ireo mponina any amin'ny faritra voakasika.

2 - FAMARITANA NY TETIKASA

FANONDROANA NY TOERANA HISY NY TETIKASA :

Ny hetsiky ny Tetikasa dia hotontosaina any amin'ny Faritanin'i FIANARANTSOA, TOAMASINA, ANTANANARIVO ary ANTSIRANANA.

RATSAMANGAIKA MPANATANTERAKA NY TETIKASA :

Ny Tetikasa dia ho tanterahin'ny Birao Mpanatanteraka ny Tetikasa izay foronina eo anivon'ny Minisiteran'ny Fampianarana Ambaratonga Faharoa sy Fanabeazana Fototra.

SOKAJY NY TETIKASA

Ny Tetikasa dia ahitana ireto sokajy manaraka ireto :

Asa mikasika ny fanaovan-trano sy kojakoja :

Izany dia ny fitambaran'ireo asa fanarenana sy fanamboarana ireo fotodrafitrasan'ny fampianarana. Ny fitaovana ampiasaina dia ny biriky na ny “agglos” vita amin'ny simenitra na rafitra “béton armé” na rafitra vy. Ny tafo dia hatao amin'ny takelaka matevina vita amin'ny fanitso. Ny fanatontosana dia hatao mifanaraka amin'ny fenitra ara-teknika mahatohitra ny rivodoza.

Fahazoana ny fanaka an-tsekoly :

Izany dia fahazoana fanaka ilaina amin'ny fampitaovana ny lakilasy, toy ny : dabilio, latabatra, seza, lalimoara sy talantalana amin'ny rindrina.

Asa fandinihan-draharaha :

Ny asa fandinihan-draharaha dia ahitana :

- fanatanterahana ireo fandinihana ara-teknika amin'ny antsipirihany ;
- fanaovana ireo antontan-taratasy momba ny fitaomana hanao tolo-bidy ;
- fanampiana ny foibe miandraikitra ny fanatanterahana ny fandefasana ny fitaomana hanao tolo-bidy ;
- fandinihana ny tolo-bidy ;

- fanaraha-maso sy fitilina ny asa.

3 - FAMATSIANA ARA-BOLA NY TETIKASA :

Ny famatsiana dia ho toy izao manaraka izao :

- BADEA : 1.000.000 dolara amerikana
- Governemanta Malagasy : 250.000 dolara amerikana

4- FEPETRA ARA-BOLAN'NY FAMPISAMBORANA :

1. **Tetibidy** : 1.000.000 \$ amerikana sahabo ho 6,736 miliara Fmg ;
2. **Faharetany** : 30 (telopolo) taona, ka ny 6 (enina) taona dia tsy andoavana , izany dia manomboka ny andro voalohan'ny volana manaraka ny fisintonana voalohany ny vola samborina ;
3. **Zana-bola** : 1% isan-taona ;
4. **Famerenana ny renivola** : rotsa-bola in-48 miandalana isaky ny enim-bolana manomboka eo amin'ny 18.000 dolara amerikana ka hatramin'ny 28.000 dolara amerikana.

Araka ny voalazan'ny andininy faha 82.3, paragrafy VIII ao amin'ny Lalàmpanorenana : “Tsy maintsy lalàna no manome alàlana hankatoavana na hanekena... ny fifanarahana izay mampiditra andraikitra ho efaina amin'ny volam-panjakana...”.

Izany no anton'ity Lalàna ity.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LALANA LAHARANA FAHA - 2001 - 021

Anomezan-dàlana ny fankatoavana ny Fifanarahana Fampisamboram-bola tapaka tamin'ny faha 12 jolay 2001 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Banky Arabo ho an'ny Fampanandrosoana Ara-toekarena aty Afrika mikasika ny famatsiam-bola ny Tetikasa fanamboarana sekoly ravan'ny rivodoza.

Nolanian'ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona tamin'ny fivoriana izay nataony avy ny faha 04 oktobra 2001 sy ny faha 23 oktobra 2001, izao Lalàna manaraka izao :

Andininy tokana : Omen-dàlana ny fankatoavana ny Fifanarahana Fampisamboram-bola tapaka tamin'ny faha 12 jolay 2001 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Banky Arabo ho amin'ny Fampanandrosoana Ara-toekarena aty Afrika mikasika ny famatsiam-bola ny Tetikasa fanamboarana sekoly ravan'ny rivodoza izay mitetina iray tapitrisa dolara amerikana (1.000.000 \$).

**Antananarivo, faha 23 oktobra
2001.**

NY FILOHAN'NY ANTENIMIERANDOHOLONA,

NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA,

RAKOTOMANANA Honoré.
C. F.

ANDRIANARISOA Ange

